

TORITENY - FANKALAZANA NY NOELY - TAONA D



Fa ny Teny ihany no tena Fahazavana, izay manazava ny olona rehetra tonga amin'izao tontolo izao.

Ry kristianina havana dibonkafaliana atsika oloraiky jiaby amin'izao noely izao tsy hoe fahatsiaroavana ny nahaterahan'ny Tompo fotsiny, satria ny fahatsioravana dia zavatra lasa, fa noho ny asan'ny fanahy masina dia fankalazana manetriketrika ny fahaterahan'ny Mpamony. Tsy mahatsiaro fotsiny isika fa noho ny asan'ny fanahy masina dia velona eto anivontsika tokoa ilay Mpamony ka tonga hanavao ny

fiainantsika araka ny hira manakoako hoe : ny lapan'ny lanitra izao dia mivoha. Ny lanitra izay irintsika mandrakariva, ary izay ny manentana ny fiainantsika olombelona raha lavo tamin'ny fahotana isika, raha lavitra ny Tompo isika, raha nandà an'Andriamanitra i Adama sy Eva nikatona ho antsika ny sahan'ny Edena araka ny fantatrantsika amin'ny angano masina ao amin'ny Jenezy.

Vakiteny I : Iz. 52, 7-10
Tononkira : Sal. 97 (98), 1, 2-3ab, 3cd-4, 5-6
Vakiteny II : Heb. 1, 1-6
Evanjely : Jn 1, 1-5, 9-14

I Jesoa kosa noho ny asan'ny fanahy masina dia tonga olombelona mba hahatonga atsika ho zanak'Andriamanitra. Teraka anio araka ny hirantsika, alina masina, alina manambara haizina, masina kosa izy satria mipozaka ho antsika araka

ny vakiteny ao amin'ny bokin'Izaia mpaminany izay novakintsika tamin'ny sasakalina izao, ny vahoaka nandeha tamin'ny haizim-pito nahita hazavana lehibe. Haizim-pito ny fiaianantsika raha manalavitra an'Andriamanitra, tsy isika anefa no hahatratra an'Andriamanitra, faniriantsika izay ary azo lazaina fa manonofy an'izay tanteraka isika. Tanteraka izany ankehitriny satria ilay haizim-pito matatopatotra atsika ka mitondra amin'ny alokin'ny fahafatesana amin'izao zary mibaliaka ny fahazavana, ka izay ny maha-dibonkafaliana atsika satria ny fahazavana manambara aina, fianana ary hafaliana.

Dibonkafaliana tokoa ary isika ka mifampiarahaba amin'izao noely izao ary izay koa no anolorako firariantsoa sy fiarhabana ho atsika olo araiky jiaby amin'izao fankalazana ny noely izao. Ny fahasoavan' Andriamanitra tokoa ary no miseho eto anivontsika amin'ny alalan'i Jesoa ary izay fahasoavan' Andriamanitra izay no loharano mitondra fahasoavana ho antsika fa indrindra amin'izao taona masina, taona ny famindrampo izao. Andriamanitra tonga eto anivontsika mandray atsika izy. Tonga eto anivontsika izy satria fantatr' Andriamanitra izay hetahetampontsika izay. Tsy miafina amin'Andriamanitra ireo tebiteby manjo atsika, isika izay ao anatin'ny haizina, izy no tonga satria fantany fa tsy hahatratra azy isika. Niety tena izy, nanaiky ary izay ny vaovao mahafaly ka mitondra hafaliana ho antsika amin'izao noely izao. Andriamanitra mahefa ny zava-drehetra tsy takatry ny saina ary izay ny mistery izy nanaiky hidina amin'ny farany ambany ka nanaiky ho teraka tao antranonomby araka ny fantatrantsika. Nihantritanrerin'ireo mpanoratra ny Evanjely tena mamaritra fa tsy angano ny fankalazana ny noely io fa tena nosoritany tsara fa tamin'ny andron'i Sezara, tamin'ny andron'i Siriosy governoran'ny Siria, izany hoe misy famaritana an'izay vaovao mahafaly eto anivontsika izay. Teraka tao Betlehemia izy ary azo lazaina fa tsy tanàna izay manana tantara goavana be ary noheverina fa tanàna izay farany kely indrindra. Andriamanitra nanaiky ho kely indrindra ary nanaiky ho tonga olombelona. Izay ry Kristianina Havana ny vaovao mahafaly, izay fahatongavana ho nofo izay no mahatonga atsika olombelona ho zanak'Andriamanitra.

Izao anefa ry Kristianina Havana ny hafatra hahafahantsika mandray ny vaovao mahafaly : tsy afaka handray an'izany isika raha tsy manana ny toeatra tahaka an'i Masina Maria sy Masindahy Jozefa, tahaka ny toetran'ireo mpiandry ondry, ireo majy izay ankalaizantsika tsy ho ela ny epifania, Andriamanitra eo anivontsika. Eo anivontsika tokoa Andriamanitra, Emanoela , raha ny masom-pinoantsika misokatra tokoa izay hahafahantsika mandray azy, raha ny sofim-pinoantsika tokoa no misokatra ka maheno ny feon'anjely manakoako, raha ny fom-pinoantsika tokoa no misokatra fa indrindra amin'izao taonan'ny famindrampo izao. Manokatra ny fontsika isika tahaka ny nataon'i Masina Maria sy Masindahy Jozefa ary raha hisokatra ihany koa ny vavantsika dia vavam-pinoana ka manambara an'izay vaovao mahafaly izay tahaka ny nataon'ny mpiandry ondry, tahaka ny nataon'i Masina Maria sy Masindahy Jozefa nanambara an'ireo izay manodidina azy. Ry Kristianina Havana, izay ny noely ho antsika fa indrindra amin'izao taona masina ny famindrampo izao : raha masom-pinoana izany hoe miova ny masontsika fa tsy mason'izao tontolo izao jerentsika an'izay fahatongavana ho nofo izay, raha ny sofim-pinoana no handrenesantsika ny hafatra fa tsy ny sofin'izao tontolo izao manakoako mitarika atsika amin'ny fakam-panahy ka mahatonga atsika tsy

hahalala ny sitrak'Andriamanitra no havelantsika hisokatra. Sofim-pinoana handray ny tenin'Andriamanitra, izay mahatonga ahy manafatra atsika mandrakariva ry Kristianina Havana : aoka isaky ny fianakaviana mba handray sy hanana baiboly ka hamaky ny tenin'Andriamanitra fa izay ny famindrampo, aoka ho fom-pinoana ny handraisantsika ny noely ka amin'izay ho noely tokoa. Fo mibebaka ny fom-pinoana izay, tsy fon'izao tontolo izao fon'ny hery setra, fon'izay feno fialonana, fon'avonavona tahaka an'i Heroda, tahaka an'ireo izay tsy afaka nandray azy, fon'ny hery setra ka nanapotika an'ireo zaza tsy manantsiny, tsy fon'izao tontolo izao no hahafahantsika mandray ny noely ka mirentirenty amin'ny fety isankarazany. Tsy izay ny fo entintsika mandray azy fa fo mibebaka, fo mandray ny hafa ary izay ny fon'i Masina Maria, fon'i Masindahy Jozefa, izay ny fon'ny famindrampo izay ankalazaintsika amin'izao noely izao. Aoka ho fom-pinoana, fo mihavao, fo mibebaka ka ho lavitra eo anivon'ny fianakaviana anie ny hery setra, ho lavitra eo anivon'ny fianantsika fa indrindra isika tanora mbola mitsinjo ny hoavy izay hery setra izay.

Ho fom-pinoana ka tsy hanapotika ny zavaboahary, ny tontolo hiainantsika fa hikolokolo satria fo tsara, fo madio izay ny hahitantsika an'Andriamanitra sy i Jesoa teraka eo anivontsika.

Ho vavam-pinoana izay vava manambara ny vaovao mahafaly fa tsy vavan'izao tontolo izao izay manaratsy, mifanasa vangy, mifanaratsy ny vava ho entintsika midera ny noely fa vava manambara ny fitiavan'Andriamanitra eo anivon'ny fiaraha-monina, eo anivon'ny mpiarabelona amintsika ka hahatonga atsika hanambara fa eo anivontsika tokoa Andriamanitra. Izay no angatahintsika tokoa amin'izao noely izao satria matoa tonga olombelona dia ny hahatonga atsika ho zanak'Andriamanitra. Io ny fampianarana fahatelo tiako hampitaina amintsika ka hirariko soa amintsika amin'izao noely izao fa indrindra ny noelin'ny taona masina famindrampo, mba hahatsapa isika fa rehefa miova ny masontsika ka masom-pinoana, miova ny sofintsika ka sofim-pinoana no henointsika ny hafatr'Andriamanitra, ka raha vavam-pinoana ny hanambarantsika ny sitrak'Andriamanitra ary fom-pinoana no mitepo ao ampontsika ao, dia ho iray tampo amin'ny maha zanak'Andriamanitra isika. Izay ny irin'Andriamanitra raha isika maniry an'izay lanitra araka ny nilazaintsika hoe nandalo haizimpito isika ka maniry ho lanitra vao, Andriamanitra koa dia miantso atsika ka ny faniriany dia isika ho iray tampo aminy. Izay ny hantritanrerin'Izaia mpaminany amin'ity noely ity : hahita ny famonjen'Andriamanitra ny vazantany rehetra, tsy misy efitrefitra ao amin'Andriamanitra raha masom-pinoana no hijerentsika an'ireo manodidina atsika ka ho noely amin'izay, raha vavam-pinoana no hiderantsika an'Andriamanitra fa tsy vava hanasantsika vangy ka fialonana feno hery setra, ary fo feno famindrampon'Andriamanitra fa tsy fon'izao tontolo izao dia tsy ho hisy intsony ny efitrefitra fa olo araiky ao amin'Andriamanitra isika. Izay ilay ambaran'Izaia mpaminany : Endrey izany hatsaran'ny tongotr'ilay iraka ho any antendrombohitra, i Jesoa io izay mitory ny vaovao mahafaly. Raha tanteraka io ka tonga iray tampo tokoa isika izay ny fiadanana, izay ny firariantsoa ataontsika satria I Jesoa mpanjakan'ny fiadanana. Tsy hisy intsony na Jody na Jentilisy fa olo araiky ao amin'Andriamanitra isika satria fo mitepo famindrampo ao amintsika ao ka amin'izay hahatsapa tokoa isika fa ny famonjena eo anivontsika. Araky ny voalazan'ny mpanoratra taratasin'i Hebrio, andro

farany izao, i Jesoa no niteny tamintsika ary nanambara ny sitrak'Andriamanitra. Egna anie hamakivaky ny taona masina isika ka hihaino ny hafatr'Andriamanitra manambara fa tokana ny faniriany, tokana ny lahatr'Andriamanitra, tokana ny nahatongavan'i Jesoa eto anivontsika. Na dia eo aza ny fahoriania, na dia aza ny zavatra mety manahirana atsika dia miombona atsika aminy fa raha miombona aminy isika dia ho tanteraka tokoa ny hafatrafatry Masindahy Joany ny antony nahatongavany Teny dia i Jesoa eto amintsika, Joany toko 1, fa raha mandray azy isika dia handray ny fahazavana ary raha mandray ny fahazavana isika dia ho tonga zanak'Andriamanitra. Tsy ateraky ny nofo araka ny voalazantsika teo intsony, tsy naterak'izao tontolo izaofa nateraky ny fahasoavan'Andriamanitra ary izay ny taona masina. Isika koa dia Joany Batista manambara an'izay androntsika izao, isika no mpaminany manambara an'izay vaovao mahafaly izay no mahatonga atsika milaza hoe mahay mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro, izay tokoa ny noely. Ilay haizimpito voalazantsika zary fahazavana ary ny famindrampo ny noely dia tanteraka tokoa eo anivontsika ka ny masom-pinoana no hijerentsika ny manodidina atsika, hahakarantsika fa iJesoa tokoa eo anivontsika, sofim-pinoana ny handrenesantsika ny hafatr'Andriamanitra ka hanakoako tahaka ny feon'ny Anjely izany hafatra izany. Amin'izay dia eo anivontsika tokoa Andriamanitra ka ho mpiray tampo isika dia hanjaka eo amintsika ny fiadanana'I Kristy.

Ry Jesoa Tompo ô, ianao no fahazavana, ianao no hafaliana faindrindra amin'izao fankalazana ny Noely izao, hanenika ny fonay anie ny hafatralo ka mba ho fantatray zaraina amin'ireo manodidina anay. Ny feonao anie hanakoako ao amin'ny sofinay tsirairay avy ka handrenesanay ny hafalian'ny vaovao mahafaly ka hahatonga anay hizara izany eo amin'ny mpiarabelona aminay. Ny fonao no fo hitepo ao aminay ka mba hahay hamindra fo amin'ny hafa izahay faindrindra amin'izao taona masina famindrampo izao. Enga anie ny vavanay hanambara kosa ny vaovao mahafaly ka ho vava velona eo amin'ny mpiarabelona aminay izahay ka hizara ny fahasoavano, hizara ny fiadananao, dia ho noely isanandro ny fiainanay izany hoe ianao Emanoela, Andriamanitra eto anivonay, Epifania Andriamanitra miseho eto aminay isanandro. Ka na dia aza ireo mety miseho hanaloka ny fiainanay, tsy hitondra anay any amin'ny fahafatesana ireny fa sedra hahafahanay miroso amin'ny lalindalina tokoa ka handraisanay an-tànana ny fiainan'ny Eglisy faindrindra ny eto anivon'ny diosezy misy anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson